# FID'actus

n°11 • Mey / Mai 2022

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

www.fid.mg




*Mpisitraka/Bénéficiaire Vatsin'Ankohonana, Vohipeno*

Tarehimarika ........ 2
Chiffres clés

Tenin'ny Tale Jeneraly ........ 3
Le mot du Directeur Général

Tapatapany ........ 4
Brèves

"Afaka nanatsara ny fiainako aho"........ 5
"J'ai pu améliorer mes conditions de vie"

Ahoana no hitsongana ireo ankohonana misitraka ? ........ 6 - 7
Comment sont sélectionnés les ménages bénéficiaires ?

Miroso hatrany amin'ny fampiatiana ........ 8
Toujours plus vers l'inclusivité


Arimamy, afaka mioitra hatrany ........ 9
Arimamy, la résilience en marche

Fanontaniana 3 ho an'i / 3 Questions à ........ 10 - 11
Mahatoro Longin, Ben'ny Tanàna / Maire Ankilimalinike

Ny hoavin'ny fiahiana mpiara-belona eto Afrika ........ 12
Le futur de la protection sociale en Afrique

## Zones d'intervention du FID

**13** Régions
**28** Districts



Ambalavao
Ambatondrazaka
Ambositra
Amboasary-atsimo
Ambovombe-Androy
Amparafaravola
Antsirabe II
Anjozorobe
Ankazobe
Arivonimamo
Fandriana
Farafangana
Fenerive Est
Ikongo
Lalangina
Mahabo
Manandriana
Mandoto
Manjakandriana
Miarinarivo
Morombe
Morondava
Sakaraha
Soavinandriana
Taolagnaro
Vangaindrano
Vavatenina
Vohibato

**2 500 000**
BENEFICIAIRES
directs du projet

**80%** Femmes

**81%** Pourcentage des bénéficiaires des programmes de filet de sécurité (TMDH, FSP) issus des 30% les plus pauvres de la population

**95%** Pourcentage des enfants en âge d'être scolarisés en primaire issus des familles bénéficiaires des TMDH* fréquentent l'école au moins 80% du temps de classes.

## Scolarisation /// Alphabétisation

102 521 enfants en âge scolaire pris en charge par le programme TMDH

97 547 enfants pris en charge par le programme TMDH ont eu un taux d'assiduité supérieur à 80% (coresponsabilité Octobre - Novembre 2021)

1 086 ménages apprenants

## Gestion des plaintes

2 082 ménages intégrés / réintégrés
1 592 ménages maintenus
12 433 ménages sortis

3 403 Ha
Surface « traitée » en appliquant les mesures de conservation du sol et de l'eau

2 541 Ha
Surface (re)boisée dans le cadre des activités de filet de sécurité productif

98
Plans de gestion du paysage élaborés de manière participative

| | | |
|---|---|---|
| 500 172<br>Ménages bénéficiaires des programmes de filet de sécurité | 401 695<br>Ménages bénéficiaires des programmes de filet de sécurité – **Femmes** | 112 138<br>Ménages bénéficiaires des programmes de filet de sécurité – Transferts monétaires conditionnels |
| 273 621<br>Bénéficiaires des transferts monétaires non conditionnel en réponse aux crises | 114 413<br>Bénéficiaires des programmes de filet de sécurité – Argent contre travail, vivres-contre-travail et travaux publics | 18 441<br>Ménages bénéficiaires membres des Associations Villageoises d'Epargne et de Crédit (AVEC) |

**TMDH** : Transfert Monétaire pour le Développement Humain
**FSP** : Filets Sociaux Productifs

Sources : *Rapport d'activités 2021 FID*

# Ny tenin'ny... Tale Jeneraly

Omena lanja manokana ny Fiahiana mpiara-belona, mandritra ity iray volan'ny fiahiana sosialy ity eto Madagasikara, izay zo voarakitra ao anatin'ny lalàm-panorenantsika. Mihamaro hatrany ireo trangana faharefoana sy fahantrana vokatry ny fiovaovan'ny toe-trandro, ny valanaretina sy ny fitotongan'ny ari-karena faobe. Manoloana izany dia tsapa fa mbola betsaka ireo fanamby. Mipetraka matetika ireo fanontaniana mikasika ny fitsongana ireo ankohonana misitraka ireo karazana haratonaina izay hanohizanay hatrany ny ezaka fanazavana, mitohy ary mihamafy ny fanatanterahana sy fanitarana ireo asa. Tsara hampitomboana ny fampahafantarana ny vokatra sy ny fiantraikan'ireo fandaharanasa.

Ny fihatsaram-piainana maharitra ho an'ny mponina no imasoan'ny FID. Amin'ny maha rafitra mpanatanteraka ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona azy dia miaina sy mampiroborobo ny soatoavina sy ny fenitry ny fitantanana tsara izy. « Fanajana ireo lalàna sy fenitra, fangaharaharana, tamberin'andraikitra, fandraisana andraikitra, fitandroana ny rariny sy fahombiazana » ireo no mifehy ny asa tanterahinay.

Ity laharana faha iraika ambin'ny folo ny FID'Actus ity dia ahitana taratra ireo soatoavina sy fenitra izay vohizinay ho an'ny daholobe sy ireo mpiantsehatra rehetra : Fitondram-panjakana, mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, manam-pahefana eny ifotony, vondrom-piaraha-monina, mpisitraka.



**Jaona ANDRIANANTENAINA**
*Tale Jeneraly / Directeur Général*
*Fonds d'Intervention pour le Développement*

# Le mot du... Directeur Général

La protection sociale est à l'honneur durant ce mois de la protection sociale à Madagascar. Il s'agit d'un droit consacré par notre constitution. La vulnérabilité et la pauvreté tendent à se généraliser dues aux effets du changement climatique, aux pandémies ainsi qu'à la récession économique. Dans tel contexte les défis restent importants. Les questions sur les modalités de sélection des ménages bénéficiaires des filets sociaux sont souvent posées et nous continuons à les faire connaître. La mise en œuvre ainsi que l'extension des activités se poursuivent et se renforcent. La promotion des résultats et des impacts des différents programmes est à multiplier.

Engagé pour le bien-être durable des communautés, le FID, en tant qu'agence opérationnelle des programmes de protection sociale, intègre et promeut les valeurs et principes de bonne gouvernance. « Intégrité, transparence, redevabilité sociale, responsabilité, équité et efficacité », sont les qualités et convictions qui régissent nos interventions.

Ce onzième numéro de FID'Actus fait échos à ces valeurs et principes que nous promouvons à l'endroit du public et de toutes les parties prenantes : Etat, partenaires techniques et financiers, collectivités territoriales décentralisées, communautés locales, bénéficiaires.

# Tapatapany

# Brèves

**_Asa Vonjy Voina_ any Toliara ho fanampiana ireo traboina taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Jasmine**

Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Jasmine tamin'ny faran'ny volana aprily teo, dia natomboka tao an-tanànan'i Tuléar, any atsimo andrefan'i Madagasikara ny *Asa Vonjy Voina.* Izany dia entina hanampiana ireo mponina traboina hiarina faingana ary hiverina amin'ny fiainana andavanandro. Manodidina ny 300 ireo traboina ao amin'ny fokontany Motombe Tanambao sy Mahavatse II Est no nisitraka ny asa atakalo vola ACT-HIMO, izay ahafahana manadio velaran-tany maherin'ny 1500m² ary manarina lalana efa ho 1km amin'ireo toerana traboina.

**_Asa Vonjy Voina_ à Tuléar pour le relèvement des sinistrés après le cyclone Jasmine**

A la suite du passage du Cyclone Jasmine ce fin Avril, *Asa Vonjy Voina* a été lancé dans la ville de Tuléar, dans le Sud de Madagascar, pour aider la population sinistrée à se relever pour un retour rapide à la vie normale. Près de 300 sinistrés des fokontany Motombe Tanambao et Mahavatse II Est ont bénéficié des activités ACT-HIMO qui permettront d'assainir une surface de plus de 1500m² et de réhabiliter près de 1km de pistes dans les zones sinistrées.

**Fankalazana ny volan'ny fiahiana sosialy**

*« Fiaraha-mientana ho amin'ny fiahiana sosialy mampiaty kokoa »,* izany no lohahevitra novolavolaina tamin'ity volana mey ity, volana fankalazana ny fiahiana sosialy. Atrikasa, fifanakalozan-kevitra sy fanentanana maro no nandraisan'ireo mpisehatra isan-karazany anjara, isan'izany ny FID, mba hanatsarana ny asa fiahiana mpiara-belona : lalàna manan-kery, famolavolana sy fitantanana fandaharanasa, tanjona, fanaovana tamberin'andraikitra, famatsiam-bola. Isan'ny nandray anjara tamin'ny fampirantiana fiahiana sosialy natao ny 19 sy 20 mey teo tetsy amin'ny Garan'i Soarano ny FID ka nampahafantariny tamin'izany ny fandaharanasa tanterahiny.

**Célébration du mois de la protection sociale**

*« Agissons ensemble pour une protection sociale plus inclusive »* telle a été la thématique développée en ce mois de mai, mois de célébration de la protection sociale. Plusieurs ateliers d'échanges et sensibilisation impliquant les différents acteurs et parties prenantes, dont le FID, ont été organisés pour susciter les discussions autour d'une approche plus inclusive des interventions en protection sociale : loi en vigueur, design des programmes, ciblages, redevabilité, financement et gestion des programmes. Le FID a exposé les programmes qu'il met en oeuvre durant le salon de la protection sociale qui s'est déroulé les 19 et 20 mai derniers au parvis de la gare Soarano.

**Fanitarana ny fandaharanasa fiahiana sosialy _Asa Avotra Mirindra_ sy _Vatsin'Ankohonana_ : natomboka ny asa**

Manoloana ireo vokatra azo tsapain-tanana avy amin'ireo fandaharanasa fiahiana sosialy : ho an'ny fihatsaram-piainan'ireo tena marefo dia nahazo famatsiam-bola fanampiny ny Fanjakana Malagasy hanitarana ireo fandaharanasa ireo. Natomboka tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny volana aprily sy mey teo ireo fandaharanasa ireo tany amin'ny faritra voakasika hisitraka izany.

**Extension des programmes de protection sociale _Asa Avotra Mirindra_ et _Vatsin'Ankohonana_ : le coup d'envoi lancé**

Au regard des impacts palpables des programmes de protection sociale pour l'amélioration du bien-être des plus vulnérables, le gouvernement Malagasy a bénéficié en 2021 d'un financement additionnel pour étendre ces programmes. Le coup d'envoi a été lancé ces mois d'avril et mai dans les différentes régions des nouvelles zones d'intervention.



Ramialiniaina Lovasoa

# "Afaka nanatsara ny fiainako aho"

# *"J'ai pu améliorer mes conditions de vie"*

**RAKOTOZAFY Georges**

*Mpisitraka / Bénéficiaire - Fonenana Imerintsiatosika*

*Asa Avotra Mirindra*

Mpisitraka ny *Asa Avotra Mirindra* ao Fonenana Imeritsiatosika i RAKOTOZAFY Georges, 64 taona, izay antsoina hoe Dadanaivo.

Tsy salama nandritry ny taona maro izy ka tena latsaka tao anaty fahasahiranana. Sarotra taminy ny nahita asa ary lafo ny fitsaboana izay narahiny. Noho ny fahatsapany ireo tombotsoa azo amin'ny fandaharanasa dia nisoratra anarana tamin'ny *Asa Avotra Mirindra* izy. Nihatsara ny fiainany nanomboka teo.

Miavaka amin'ireo namany mpiara-miasa aminy i Dadanaivo satria mazoto mampihatra ireo tekinika azony tao anatin'ny fandaharanasa. Anisan'izany ny fambolena acacia izay hazo fandrehitra, ny oliva ary ny kininim-potsy. Ankoatra ireo dia mamboly mangahazo manaraka ny tekinika « basket compost » i Dadanaivo ary tena mamokatra sy miroborobo izany saha mangahazony izany. Ao ihany koa ny papay, kafe ary ny voanjo. Ny tambin-karama azony tamin'ny *Asa Avotra Mirindra* no nahafahany nividy ny taho-mangahazo, ny masom-boly ary ireo zanaka hazo.

Ankehitriny moa dia mbola manohy ny fitsaboany i Dadanaivo ary tsy mavesatra aminy intsony izany. *« Nihatsara ny fahasalamako, afaka mividy fanafody aho na dia mahatratra 30 000 Ariary aza izany »*. Hoy hatrany izy *« efa mitombo ny taonako nefa mila mamboly aho satria io no sakafo »*.

Agé de 64 ans, RAKOTOZAFY Georges, surnommé Dadanaivo, est un bénéficiaire de *Asa Avotra Mirindra* à Fonenana Imerintsiatosika.

Ses problèmes de santé l'ont conduit à une situation financière précaire. Il a eu du mal à trouver un emploi et son traitement coûtait cher. Convaincu des avantages que lui offrirait le programme, Dadanaivo s'y est inscrit sans hésiter. Depuis, sa vie s'est améliorée.

Dadanaivo se démarque de ses collègues du groupe de travail. En effet, il a adopté les différentes techniques qui ont été enseignées durant le programme dans ses propres champs. Il a, entre autres, planté de l'acacia, qui est un bois énergie, de l'olive ainsi que de l'eucalyptus. A part cela, Dadanaivo cultive de la papaye, du café, de l'arachide mais aussi des maniocs selon la technique du « basket compost », obtenant ainsi un bon rendement. Le complément de revenus qu'il a obtenu à travers Asa Avotra Mirindra lui a permis d'acheter les semences et les pépinières.

Actuellement, bien que Dadanaivo continue son traitement, il arrive à le payer. *« Ma santé s'est nettement améliorée et je peux acheter mes médicaments qui peuvent aller jusqu'à 30 000 Ariary »*. Il continue dans sa lancée en ajoutant *« je vieillis mais je dois travailler la terre pour pouvoir me nourrir »*.

# Haratonaina fiahiana mpiara-belona
## Amin'ny fomba ahoana ary inona ireo masontsivana hitsongana ireo ankohonana misitraka ?

Nandalo dingana maro ary niarahan'ireo mpiara-miobon'antoka samihafa, ny famolavolana ireo fomba fitsongana ny faritra sy ankohonana misitraka ny haratonaina. Ny maridrefy sy ny fepetra dia voafaritra mazava tsara, manaraka fenitra ary natao teny ierana. Mifanaraka amin'ny paikady voafidy sy ny vola enti-manana, ary ny naotin'ny tokantrano tsirairay, no ahafahana mandahatra ireo mpiray tanin-drazana tena marefo indrindra ka afaka hisitraka ny tetikasa.

**Nahoana no tsongaina ?** Mihoatra ny 77,4% ny Malagasy no miaina ao anatin'ny fahantrana ary mendrika, tsy misy fanavakavahana, ny fiahiana sosialy mifanaraka amin'izany. Na eo aza ny finiavan'ny fitondram-panjakana sy ny tohana avy amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola dia mbola voafetra ny enti-manana. Izany no maha zava-dehibe ny "fitsongana" ary ahafahana mampiasa amin'ny fomba mendrika indrindra ny enti-manana. Adidy, tsy maintsy atao, koa ny fitsongana mba ahafahana mamantatra sy manampy ary manohana ireo tokantrano tena sahirana. Ny fanadihadiana momba ny ankohonana sy ny fandraisan'anjaran'ny vondrom-piarahamonina mandritra ireo dingana fitsongana ireo dia miantoka ny rariny sy hitsiny ary mametra ny fahadisoana mety hitranga.

**Masontsivana mazava.** Ny faritra misitraka dia tsy maintsy mahafeno ny fepetra voafaritra araka ny karazana fandaharanasa fiahiana sosialy. Avy eo dia sokajiana araka ny faharefoany izy ireo. Anisan'ny masontsivana hifantenana ny faritra ny taham-pahantrana marolafin'ny fiarahamonina, ny fanjarian-tsakafo, ny fitozoan'ny ankizy mianatra, ny fandehanana tobim-pahasalamana, ny karazana asa sy ny hamaroany, ny dona mahazo ny faritra (fiovaovan'ny toetr'andro, fahasimban'ny tontolo iainana, valan'aretina, sns.).




*Mpisitraka/Bénéficiaire Vatsin'Ankohonana, Vohipeno*

*Rado Rakotomanalina*

Ho an'ny ankohonana misitraka kosa ny masontsivana dia mikasika : ny firafitry ny ankohonana, ny isan'ny zaza, ny asa sy ny fidiram-bolan'ny tokantrano, ny fisian'ny zokiolona na olona trà-pahasembanana ao amin'ny tokantrano, ny toetry ny trano, ny fisian'ny rano mandeha sy ny trano fidiovana ... Amin'ny ankapobeny, manodidina ny roapolo eo ny fanontaniana apetraka amin'ny tokantrano tsirairay mba hanasokajiana ny faharefoany ary izany dia miantoka ny maha-ara-dalàna ny fisitrahany ny fandaharanasa.

**Fitsongana mampiaty.** Ireo fomba fitsongana ampiasain'ny FID dia ireo nakatoavin'ny Minisiteran'ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fampivoarana ny vehivavy (MPPSPF). Ireo fomba fitsongana ireo dia vokatry ny fiaraha-miasan'ny mpiara-miombon'antoka maro : andrim-panjakana, mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, rafitra mpanatanteraka, mpisehatra maro amin'ny fiahiana sosialy hafa izay mpikambana ao amin'ny Cash Working Group... Raisina hatrany koa ireo tolo-kevitra sy fanatsarana isan-karazany atolotry ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena mba hivoatra hatrany amin'ny ny rariny sy hitsiny ny fanatanterahana.




# Filets sociaux

## Comment et sous quels critères sont sélectionnés les ménages bénéficiaires ?

Elaboré à partir d'un long processus, le ciblage des zones ainsi que des ménages bénéficiaires des filets sociaux est inclusif. Les méthodes et les critères de ciblage sont déterminés suivant des procédures convenues et précises. En accord avec la stratégie choisie et les moyens disponibles, la notation de chaque ménage permet la priorisation pour soutenir nos concitoyens les plus vulnérables.

**Pourquoi cibler ?** Plus de 77,4% de la population malagasy sont dans la pauvreté et méritent, sans discrimination, une protection sociale adaptée. Malgré la bonne volonté politique et le soutien des partenaires techniques et financiers, les moyens restent limités. Le ciblage est donc crucial pour que les moyens à disposition soient utilisés de manière efficiente. Il est également obligatoire afin de pouvoir identifier, aider et accompagner les ménages les plus nécessiteux. Les enquêtes sociales et l'implication des communautés durant le processus garantissent la fiabilité du ciblage et limitent les erreurs.

**Des critères pensés et convenus.** Les régions bénéficiaires doivent répondre aux critères définis selon le type de programme de protection sociale. Elles sont ensuite classées suivant leur niveau de vulnérabilité. Parmi ces critères, l'on retrouve : le taux de pauvreté multi-dimensionnel de la communauté, la qualité de la nutrition, la fréquentation scolaire, la fréquentation des centres de santé, le bassin d'emploi, les chocs subis par la région (climatique, environnemental, sanitaire ...).
Quant aux ménages bénéficiaires, les critères d'éligibilité correspondent à la composition du ménage, au nombre des enfants à charge, aux activités et revenus du ménage, à la présence de personnes âgées ou en situation d'handicap au sein du ménage, à l'état du logement, à la disponibilité d'eau courante et des installations pour l'hygiène... En moyenne une vingtaine de questions sont posées à chaque ménage pour établir son classement de vulnérabilité et assurer ainsi son éligibilité au filet social défini.

**Un processus inclusif.** Les processus de ciblage mis en œuvre par le FID sont ceux validés par le Ministère de la population, de la protection sociale et de la promotion de la femme (MPPSPF). Ces processus eux-mêmes sont issus des travaux en commun de plusieurs parties prenantes: Institutions gouvernementales, Partenaires techniques et financiers, Agences de mise en œuvre, les autres acteurs de la protection sociale dans le Cash Working Group ... Les diverses recommandations et améliorations proposées par les organisations de la société civile (OSC) sont prises en compte d'une manière inclusive pour progresser constamment vers plus d'équité et de justice.

# Fandaharanasa Fiahiana mpiara-belona : miroso hatrany amin'ny fampiatiana

Ny fiahiana sosialy dia te hanamafy ny sandan-tohitr*'ireo tokantrano marefo indrindra mba hiharina sy hihoatra manoloana ireo dona samihafa ary hiroso amin'ny fivoarana lovain-jafy mifototra amin'ny mahaolona.

Nanomboka ny taona 2016 dia nanangana ny tetikasa haratonaina fiahiana mpiara-belona ny Governemanta malagasy mba hanampiana ireo mponina tena marefo. Izany dia mifanaraka amin'ny Paikady nasionaly momba ny fiahiana sosialy. Ireo hetsika fampivoarana, manohana ny fampiroboroboana ny fiainam-pianakaviana sy ny fampiatiana ara-toe-karena, dia tanterahina miaraka amin'ny vatsy ara-bola misy fepetra sy ny asa atakalo vola ary miantoka tokoa ny firosoana amin'ny fihatsaram-piainana maharitra.

Amin'ny taona 2024, tokantrano eo amin'ny 1.388.000 no heverina ahazo tombotsoa amin'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona ireo. Mampisy fanantenana izany antontan'isa izany ary mitohy hatrany ny ezaka mba hisian'ny fampiatiana bebe kokoa. Vohizina ao anatin'izao volana mey, fankalazana ny fiahiana sosialy izao, ny lohahevitra hoe *"Miara-mientana hatrany ho amin'ny fiahiana sosialy mampiaty kokoa".*

** Sandan-tohitra : hery sy fahafahana miatrika ireo tranga na dona samihafa*



Tiavina Ranaivo

*Grenier communautaire de l'AVEC à Isandra, constitués par des bénéficiaires Asa Avotra Mirindra / Fitahirizam-bokatrin'ny VOAMAMI ao Isandra, izay ahitana mpisitraka Asa Avotra Mirindra*

## Les programmes de protection sociale : toujours plus vers l'inclusivité

La protection sociale veut renforcer la résilience des communautés les plus vulnérables pour prévenir, gérer et surmonter des situations de crises et leur permettre d'avancer vers un développement humain durable. S'alignant avec sa Stratégie Nationale de Protection Sociale, depuis 2016, le Gouvernement Malagasy a initié un projet Filets Sociaux de Sécurité pour venir en aide à ses populations les plus vulnérables. Des programmes de Transferts Monétaires Conditionnels aux Filets Sociaux Productifs, des actions de développement soutenant le bien-être de la famille et l'inclusion économique assurent la pérennité des progrès réalisés pour un réel développement humain durable.

D'ici 2024, près de 1 388 000 ménages devraient bénéficier de ces programmes de protection sociale. Le chiffre est porteur d'espoir et les efforts doivent continuer pour des interventions promouvant l'inclusivité. A l'occasion de la célébration du mois de la protection sociale durant ce mois de mai, le message est lancé « *Agissons ensemble pour une protection sociale plus inclusive* ».



Sitraka Randria

*Mpisitraka/Bénéficiaire Asa Avotra Mirindra, Manakara*



Liantsoa Andrianavelomanana

# Arimamy, afaka mioitra hatrany

# *Arimamy, la résilience en marche*

**ARIMAMY**

*Mpisitraka / Bénéficiaire - Soavina Vatsin'Ankohonana*

*« Saraka antsaha no niainanay folo volana anatin'ny taona ary mazana tsy mihinam-bary fa mangahazo maina no sakafo. Efa nikasa ihany koa ny hampiato an'izy mianadahy zokiny amin'ny fianarana izahay.»*

hoy Arimamy, renim-pianakaviana 42 taona monina ao Soavina.

Ny taona 2014 dia nisitraka ny *Vatsin'Ankohonana* ny ankohonan'i Arimamy. Afaka nanohy ny fampianarana ny zanany izy noho izany. Nahazo fampianarana sy tari-dalana samihafa tao anatin'ny sehatra mahasoa ihany koa izy. Ireo hetsika fampivoarana tanterahina ao anatin'ny *Vatsin'Ankohonana* dia nahafahany nanao tahiry sy nanangana VOAMAMI niaraka amin'ny mpiray vodirindrina aminy mba hampitomboana ny fidiram-bola.

Ankehitriny na dia nifarana aza ny fandaharanasa dia mitozo hatrany amin'ny fivoarana ny ankohonana. Mirehareha ery i Arimamy fa efa mpianatra ho dokotera ny zanany lahimatoa, izay nisitraka ihany koa ny fandaharanasa *Ndao hianatra*. Afaka bakalorea ny zanany vavy, ny faralahiny kosa dia efa mianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa, amin'ny taona faha efatra.

*« Nous vivions de salariat agricole dix mois dans l'année et souvent nous ne mangions plus de riz mais du manioc. Nous avions même failli ne plus envoyer nos ainés à l'école.»*

témoigne Arimamy 42 ans, mère de trois enfants, habitant à Soavina.

En 2014, la famille d'Arimamy a bénéficié de *Vatsin'Ankohonana*. Grâce à ce programme, elle a pu continuer à envoyer ses enfants à l'école. A travers les rencontres régulières ou « espaces de bien-être », elle a acquis de nouvelles connaissances et a renforcé ses compétences. Les activités de développement dans le cadre de *Vatsin'Ankohonana* lui ont permis de mettre de l'argent de côté et de créer avec ses voisins une Association Villageoise d'Epargne et de Crédit (AVEC) pour améliorer leurs revenus.

Aujourd'hui malgré la fin du programme, la famille persévère et se maintient dans ses progrès. Avec fierté, Arimamy raconte que son fils ainé, qui a aussi bénéficié du programme *'Ndao hianatra,* est actuellement en deuxième année de médecine. Sa fille vient d'obtenir son baccalauréat et son benjamin, en classe de quatrième au collège, réussit bien à l'école.

*VOAMAMI : Vondron'Olona An-toerana miara-MAnao tahiry sy MIfampindram-bola*

# 3 ? Mahatoro Longin

*Ben'ny Tanàna / Maire de la commune Ankilimalinike - Toliara II- Atsimo Andrefana*

## 1 Inona no azo lazaina mikasika ny fiainan'ireo tokantrano marefo ao amin'ny faritra iadidianao roa taona taorian'ny nanombohan'ny fandaharanasa Vatsin'Ankohonana ato amin'ny kaominina Ankilimalinike ?

Tsara, izay no tonga dia azoko ambara. Tantsaha ny ankabeazan'ny mponina eto Ankilimalinike. Mamboly mangahazo, voatabia, katsaka, vomanga ary anana. Anisan'ny mpamokatra arina amin'ny faritra Atsimo Andrefana ihany koa i Ankilimalinike. Ny mponina ao Toliara no tena manjifa izany. Nihena ny asa fiveloman'ny mponina teto noho ny tsy fahampian'ny orana sy ny fiantraikan'ny valanaretina. Izay sakafo mahavita azy sy izay vokatra ho an'ireo tsena kely eny amin'ny fokontany ihany no volen'izy ireo. Tsara ho fantatra ihany koa fa niandry ny fanombohan'ny fitrandrahana fasimainty tany Ranobe, izay fokontany atsinanan'ny kaominina Ankilimalinike izahay. Rehefa tsy nanomboka izany dia levona teny ny fanantenan'ny mponina. Nisedra olana ara-bola sy ara-toe-karena izy ireo. Hatramin'ny nisian'ny fandaharanasa *Vatsin'Ankohonana*, izay tokantrano eo amin'ny 900 eo no misitraka azy, dia azoko lazaina hoe nisy fiovana, niatsara.

Que pouvez-vous dire sur la situation actuelle des ménages vulnérables dans votre circonscription, deux années après le démarrage du programme *Vatsin'Ankohonana* dans la commune d'Ankilimalinike ?



Mirana Ralaivola

Je peux de suite avancer que c'est du positif. Les habitants d'Ankilimalinike sont des agriculteurs pour la plupart. Ils cultivent du manioc, des tomates, du maïs, des patates douces et un peu de brèdes. Ankilimalinike fait également partie des producteurs de charbon dans la région Atsimo Andrefana. Les consommateurs de Toliara constituent leur principale clientèle. Leurs activités ont été ralenties par le manque de pluies et la pandémie les a aussi affectés. Ils ont cultivé juste pour leur autoconsommation et pour le marché local entre fokontany. Il faut également savoir que la commune d'Ankilimalinike a attendu le démarrage des activités d'exploitation d'ilménite de Ranobe, un fokontany situé à l'est de la commune d'Ankilimalinike. Comme rien ne démarre, l'espoir des habitants s'est fondu au fil du temps. Ils se sont donc retrouvés en difficulté financière et économique. Depuis le programme *Vatsin'Ankohonana* dont près de 900 ménages en bénéficient, je peux dire qu'il y a du changement.

## 2 Inona no hitanao fa tsara tamin'io fiovana toe-javatra io ?

Ny fiakaran'ny isan'ny ankizy mandeha any an-tsekoly no andrefesako izany. Tao anatin'ny roa taona, ankizy efa ho arivo no niverina namonjy sy nahafantatra ny dabilio-pianarana araky ny tarehimarika nozarain'ny lehiben'ny ZAP eto amin'ny kaominina Ankilimalinike. Matoa afaka mandefa ny zanany any an-tsekoly ireo tokantrano ireo dia manana fahafahana ara-bola amin'izany izy izany. Manamaivana tokoa ireo « vatsy » ireo, araky ny fiantsoanay azy aty. Nianatra nitantana ny fanampim-bola azony ny tokantrano mba hahafahany manatanteraka asa miteraka loharanom-bola vaovao. Tsy mandeha any

an-tsekoly noana ny ankizy. Ankoatra izay, madio sy manao kapa izy ireo. Mikarakara azy ireo tsara ny ray aman-dreniny. Fiovana be izany ho ahy. Hitako ihany koa fa ireo fianakaviana misitraka ny *Vatsin'Ankohonana* dia mianatra mikarakara sakafo maro loko. Mampihatra ihany koa ireo fihetsika amin'ny fahadiovana izy ireo mba hitandroany ny fahasalamany. Ireo no teboka mihabo lehibe azoko asongadina

## Qu'avez-vous trouvé de positif dans ce changement de situation ?

Je me réfère au nombre progressif d'enfants qui fréquentent l'école. En deux années, près de mille enfants ont retrouvé et connaissent les bancs de l'école selon les chiffres avancés par le chef ZAP de la commune d'Ankilimalinike. Si les ménages peuvent envoyer leurs enfants à l'école c'est que leur capacité financière leur permet. Ces « vatsy », comme on les appelle par ici, soulagent beaucoup leurs maux. Les ménages ont appris à gérer leurs compléments de revenu pour pouvoir réaliser des activités génératrices de revenus. Les enfants ne vont pas à l'école le ventre vide. De plus, ils sont même propres et chaussés de sandales. Leurs parents s'occupent bien d'eux. C'est du changement pour moi. J'ai aussi constaté que les familles bénéficiaires de *Vatsin'Ankohonana* apprennent la diversification alimentaire pour bien se nourrir. Elles adoptent également les gestes d'hygiène pour préserver leur santé. Ce sont les grands points positifs que je peux souligner..

## 3 Inona no paikady ataonareo mba hitozoan'ireo tokantrano ireo anaty fivoarana sy hanatsarany ny fahavitan-tenany atsy ho atsy ?

Mandray anjara feno ny tenako. Ohatra, nandritry ny atrikasa fampivondronana ireo mpisehatra rehetra ao amin'ny *Vatsin'Ankohonana*, dia nandray anjara tamin'ny fanomanana sy ny fanentanana aho. Hitako hoe ilaina hampavitrihina tsindraindray ireo mpisitraka. Tsara arahina izy ireo na dia tsy hoe akaiky sy matetika be aza. Noho ireo toerana voatokana ho an'ny sehatra mahasoa eny anivon'ny fokontany dia afaka manaraka fiofanana ho an'ny fiovam-pihetsika ireo tokantrano ireo. Tsy maintsy atao ireo fihaonana ireo ary ny mpikambana ao anatin'ny Komity mpiahy ny mpiara-belona, miaraka amin'ireo mpanjohy ifotony sy ireo Reny mavitrika no miandraikitra ny fahatongavan'ireo mpisitraka amin'izany. Raha amin'izao fotoana izao aloha dia matoky aho fa 80 isan-jaton'ireo tokantrano mpisitraka dia mizotra mankany amin'ny fihatsaram-piainana.

## Quelle stratégie déployez-vous pour que ces ménages continuent sur la bonne voie et améliorent leur autonomie dans un futur proche ?

Je m'implique personnellement. Par exemple, lors de l'atelier de regroupement des parties prenantes de *Vatsin'Ankohonana*, je me suis engagé dans les préparatifs et dans les animations. Je trouve qu'il est important de susciter le dynamisme des bénéficiaires de temps à autres. Il faut les accompagner même si ce n'est pas d'une façon étroite et fréquente. Grâce aux « espaces physiques » mis en place par le programme par fokontany, les ménages réalisent des séances de formation en changement de comportement durant les « espaces de bien-être ». Ce sont des séances obligatoires et les membres du Comité de Protection Sociale, ou CPS, ainsi que les relais communautaires avec les Mères Leaders s'assurent de l'assiduité des bénéficiaires. A ce stade, je peux assurer que 80% des ménages bénéficiaires sont sur la bonne voie vers une amélioration des conditions de vie.

# Ny hoavin'ny fiahiana mpiara-belona eto Afrika

Ny haratonaina fiahiana mpiara-belona dia mitana anjara toerana lehibe amin'ny fampiatiana ara-toekarena ho an'ny tokantrano mahantra sy marefo miatrika ny voina aty Afrika. Mitombo hatrany ny isan'ny firenena Afrikana izay mametraka haratonaina amin'ny alalan'ny vatsy ara-bola miaraka amin'ny hetsika ahafahana miaty ara-pamokarana : fanofanana amin'ny fandraharahana madinika, fampiasam-bola ary ny fanaovana tahiry. Voaporofo ny fahombiazan'ireo fandaharanasa ireo, izay manatsara ny fahafahan'ireo tokantrano miatrika ny voina sy mampivelatra ny asa fivelomany ankoatran'ny asa fambolena sy fiompiana.

Ankoatra ny haratonaina fiahiana mpiara-belona, ny fandaharanasa mikasika ny fiantohana ara-tsosialy sy ny tsenan'ny asa dia miaro ireo mpiasa tsy ara-dalàna ary manampy amin'ny fampiatiana ara-toe-karena. Mifanojo amin'ny fimaroan'ny politikam-panjakana dia efa nanomboka nanitatra ny sahan'asa ny governemanta mba hanatrarana ny mpiasa tsy ara-dalàna an-drenivohitra ankoatra ireo sahirana any ambanivohitra. Anisan'izany ny fametrahana Fandaharanasa fiantohana ara-tsosialy sy tahiry izay hahafahana manao latsakemboka mifanaraka amin'ny fahefana sy hirosoana moramora amin'ny fandoavana hetra.




Firenena maro no efa nampiditra fandaharanasa momba ny tsenan'ny asa, anisan'izany ny famatsiam-bola vonjimaika naloa ho an'ny mpampiasa mba ahafahan'izy ireo manatsara ny sanda-tohitry ny orinasany ary miatrika ny fitotonganan'ny toekarena nateraky ny krizy.

# Le futur de la protection sociale en Afrique

En Afrique, les filets sociaux jouent un rôle de plus en plus crucial pour assurer la résilience économique des ménages pauvres et vulnérables en cas de chocs. Un nombre croissant de gouvernements africains mettent en place des filets sociaux qui fournissent des transferts en espèces couplés à des mesures d'inclusion productive telles que des formations en microentrepreneuriat, l'apport d'un capital forfaitaire et la facilitation de l'épargne. Les preuves de l'efficacité de ces programmes s'accumulent rapidement, démontrant l'amélioration de la capacité des ménages à résister aux chocs en protégeant leur consommation, en diversifiant leurs moyens de subsistance par un travail non agricole et en renforçant leurs mécanismes d'adaptation.

Au-delà des filets sociaux, les programmes d'assurance sociale et du marché du travail contribuent également à la résilience économique en protégeant les travailleurs informels. Dans le cadre de la diversification des objectifs politiques, les gouvernements ont commencé à élargir leur champ d'action pour aller au-delà des pauvres des zones rurales en développant des interventions pour les travailleurs informels urbains. Il s'agit notamment de programmes innovants d'assurance sociale et d'épargne qui permettent entre autres des cotisations flexibles et des incitations fiscales correspondant aux cotisations. De nombreux pays ont introduit des programmes relatifs au marché du travail, notamment des subventions salariales temporaires versées aux employeurs, pour leur permettre d'améliorer la résilience de leurs entreprises et d'être mieux à même de faire face au ralentissement économique déclenché par la crise.

Ny fandaharan'asa rehetra tanterahin'ny FID dia famatsiam-bola avy amin'ny Fanjakana Malagasy sy avy amin'ny Fikambanana iraisam-pirenena ho an'ny fampandrosoana "Association Internationale pour le Développement" (IDA), ratsamangaikan'nyBanky iraisam-pirenena, misy ihany koa avy amin'ireo mpamatsy vola samihafa.
ny Ministeran'ny mponina, fiahiana ara-tsosialy ary fampivoarana ny vehivavy no mandrindra ny fandaharan'asa fi ahiana mpiara-belona.
Les activités mises en oeuvre par le FID sont financées par l'Etat Malagasy et par des crédits ou dons contractés avec l'Association Internationale pour le Développement (IDA), une filiale de la Banque Mondiale ainsi que d'autres partenaires.
Les programmes de protection sociale sont coordonnés par le Ministère de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la Femme.